# NY HATSARAN'ILAY ZANAK'ONDRIN'ANDRIAMANITRA

Anna Galeniece
Directrice, Filiale de la « Fondation Ellen G .White »
Professeur associée de théologie appliquée
Université Adventiste d'Afrique, Nairobi, Kenya

« Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra. » (Apokalipsy 5 :12)

**FAMPIDIRANA**

Atokantsika ity volana ity ary indrindra indrindra ity Sabata manokana ity, ho Sabatan'ny Lova sy ny Fanahin'ny Faminaniana, amin'ny maha fianakaviamben'ny Advantista mitandrina ny andro fahafito antsika, mba ampahatsiahivana antsika ny fomba nitarihan'Andriamanitra antsika tamin'ny lasa, ka ahazoantsika antoka fa hitarika antsika koa izy amin'ny ho avy. Izany no antony anaovantsika fikarohana ao amin'ny pejin'ny Baiboly mba ahitantsika ao, ilay ankalazainy dia : Jesosy Kristy, ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra. Hafantotsika eo amin'ny hatsarany ny fijerintsika mba hahaizantsika koa, amin'ny alalan'ny fitaratra telorirana mifankafantatra sy mahafantatra ny tenantsika tsirairay avy, ary hahita ny làlana izay izorantsika, amin'ny fomba mahasarika indrindra.

Efa 100 taona izay no nahafaty an'i Ellen G. White, izany hoe tamin'ny 16 jolay 1915. Niompana tamin'i Jesosy: tamin'ny fiainany, tamin'ny fahafatesany ho famonjena antsika, amin'ny asam-pisoronana ataony ary amin'ny fiverenany tsy ho ela ny faminaniana nambarany. Nofakafakainy tsara ny hevitr'ireo fotokevitra natao ho an'ny fiangonana sy ho an'ny fiainantsika isam-batan'olona ireo. Mamelabelatra ireo fotokevitra ireo ny boky nosoratany be mpitia indrindra, dia ny boky "Ny dia ho eo amin'i Kristy", "Ilay Fitiavana Mandresy" ary ny "Hery Mifanandrina". Tian-dRamatoa Ellen G. White koa ny hitarika antsika hifantoka eo amin'i Jesosy. Ary izany no ataontsika izao. Hibanjina Ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ireto fotokevitra ireto: ny fomba nanehoana Azy tamintsika tamin'ny endriky ny sary, avy eo dia naseho tamintsika ara-batana, ary koa ny fomba ataony amin'ny fanelanelanana antsika sy ny fomba hiaviany indray. Havelantsika i Ellen G. White hampivelatra ny fahazoantsika ireo fotokevitra ireo amin'ny alalan'ny fitanisantsika andalan-tsoratra maromaro sarobidy notsongaina avy ao amin'ny asa-sorany.

Na dia eo aza ny fahasamihafan'ny kolontsaintsika sy ny fotompisainana amam-pahendrena itondrana ny fiainana, ny mponina tsirairay eto amin'ity tanintsika ity dia maniry zavatra tsara izay hameno ny fiainany. Eny fa na dia ireo olo-meloka mafy fo sy ireo manokan-tena fatratra amin'ny fivavahana aza, izay tsy mankasitraka ny fahafinaretan'ny tany, dia manana io faniriana io ao anatin'ny fanahiny lalina ao. Tsy tokony hahagaga na iza na iza izany satria toy izany no namoronan'Andriamanitra ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy.Tamin'ny andro

fahaenina dia hitany fa “tsara indrindra izay rehetra nataony” (Genesisy 1:31); koa satria, tsara indrindra, dia tonga lafatra sy mahafinaritra, avy ao anatiny ka miseho ety ivelany.

**FANEHOANA AN’ILAY ZANAK’ONDRIN’ANDRIAMANITRA**

Mampalahelo fa vetivety dia simban’ny fahotana io hatsaran-tarehy io, ka voatery niditra an-tsehatra ilay Mpahary antsika mba hanadio ny otan’i Adama sy Eva. Tsy maintsy namono biby anankiray tsy nanantsiny ny Tompo ary nanarona fitafiana azy mivady mpanota sy mitanjaka (Genesisy 3:21). Ankoatr’izany, araka ny fahalalany rahateo sy ny fahendreny, dia nanome teny fikasana voalohany ho an’i Adama sy Eva Andriamanitra: “Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny tarananý: izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony” (andininy 15). Toy izao no nosoratan’i Ellen G. White: “Io fanamelohana notononina teo anatrehan’ireo ray aman-drenintsika voalohany ireo dia teny fikasana nomena azy. Talohan’ny nandrenesany ny tsilo sy ny hery, ny asa mafy sy ny fahasahiranana – anjara voatokana ho azy manomboka izao – sy talohan’ny nandrenesany ny amin’ny vovoka izay tsy maintsy hiverenany, dia nomena teny izay tsy maintsy nameno fanantenana azy izy mivady. Izay rehetra very teo ambany vahohon’ny satana dia tafaverina indray tamin’ny alalan’i Kristy” (Education, p.31).

Ny teny fikasana nomena azy mivady voalohany dia teny fikasana avy amin’ilay “Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao” (Jaona 1:29). Teo amin’ny fiainanao manokana dia mety niaina fotoana izay nahatsapanao voalohany indrindra fa mpanota ianao ka mila ny hodiovina ho afaka amin’ny zavatra nanasaraka anao tamin’ilay Rainao izay any an-danitra. Angamba nahatsapa ihany koa ho nitanjaka teo anatrehan’Ilay Mahery Indrindra ianao. Ary rehefa afaka izany ka niaiky ny helokao teo anatrehany ianao dia nesorina ilay enta-mavesatraka, fantatrao marimarina fa voavela heloka ianao, sy voatafy ny fahamarinana tonga lafatr’i Kristy. Endrey, fanandramana mampangorakoraka tokoa no tsapa amin’ny fandraisana an’io famelan-keloka io, tsy indray mandeha ihany amin’ny fiainantsika, fa isanandro ao amin’ny dia eto an-tany ataontsika!

Nandritra ny andron’ny Testamenta Taloha rehetra, dia nanao sarina biby tsy manantsiny ny vahoakan’Andriamanitra mba hahazoany famelana ny helony. Naneho zavatra manokana tamin’ilay firenen’Isiraely tanora efa vonona handositra ny fanandevozan’i Egypta ny Tompo: ny fetin’ny Paska, izay araka ny nosoratan’i Ellen G. White, “dia tokony ho fety sady fahatsiarovana no fanehoana mialoha koa izay hiseho any aoriana. Tsy nampahatsiahy fotsiny ny fanafahana tamin’ny fanandevozan’i Egypta ny fetin’ny Paska fa fanehoana mialoha koa ilay fanafahana ambony indrindra izay tsy maintsy ho entin’i Jesosy ho an’izao tontolo izao” (Patriarches et Prophètes p.249). Ilay zanak’ondry atao fanatitra tsy maintsy aterin’ny ankohonana tsirairay ho an’Andriamanitra dia naneho ilay Zanak’Adriamanitra marina tokoa, izay itoeran’ny hany fanantenana ny famonjena. Isan-taona no tsy maintsy nankalazana ny Paska ho fampahatsiahivana ho an’ny vahoaka ny fanandevozana azy sy ny fahafahany tafaverina taminy. Ny ran’ilay zanak’ondry novonoina izay niaro ny ankohonana tsirairay teo amin’ny vahoakan’Andriamanitra nandritra ilay loza farany tany Egypta, dia sary nampiseho ny

fanandevozana azy ireo. Andriamanitra mihitsy no namoaka azy ireo avy tao Egypta mba hanomboka fiainana vaovao ao anatin'ny fahafahana.

Toy izany koa, miasa ny Tompo mba hamonjy ny fiainanao sy ny fianako ho afaka amin'ny fanandevozan'ny ota ka manolotra fahafahana izay andraman'ny olona tsirairay navotana ao amin'i Jesosy Kristy. Tsy ilaintsika intsony ny mivelona ao amin'ny fahotana; tsy mitondra afa-tsy fahoriana, fanandevozana ary fahafatesana ho antsika ny ota. Nividy ny fahafahantsika tamin'ny rany i Jesosy. Tombontsoa manokana ho antsika ny mandray izany sy ny mivelona amin'ny fiainana vaovao, afaka amin'izay rehetra nampisaraka antsika tamin'ny Tompo.

Ankoatran'ny fanatitra natao tao amin'ny tokantrano Isiraelita amin'ny fotoanan'ny Paska, dia nisy koa fanatitra zanak'ondry iray taona, natao isa-maraina sy isan-kariva teo ambony alitaran'ny fitoerana masina. Izany dia naneho an-tsary ny fanoloran-tena isan'andro nataon'ny vahoakan'Andriamanitra sy ny fiankinany amin'ilay Mesia mbola ho avy izay hanatanteraka amin'ny alalan'ny rany ny fomba hahazoana manonitra ny ratsy natao.

Nanao izay rehetra azony natao ho antsika Andriamanitra. Io no lafiny anankiray amin'ny famonjena; fa mbola misy lafiny iray hafa koa. Ny tantaran'ny Isiraelita sy izay nasehon'ny fanatitra nataony dia mampahatsiahy ny tokony hataontsika ho an'Andriamanitra. Amin'ny maha kristiana antsika, dia mandray soa sesehena avy Aminy isika: ny herintsika, ny fahaizantsika, ny ankohonantsika, ny fahasalamantsika, eny ambonin'izany rehetra izany ny fiainantsika mihintsy. Kanefa, ny tena fanontaniana mipetraka dia ny hoe: Inona no havalintsika Azy? Inona no mba fanatitra atolotsika?

Ny tsara indrindra tamin'izay nananany no tsy maintsy naterin'ny zanak'Isiraely ho fanatitra: zanak'ondry anankiray tena sarobidy taminy sady tsy nanantsiny. Azontsika aterina ho an'Andriamanitra koa ny zavatra sarobidy indrindra amintsika, na volabe, sady nety ho afa-po isika tamin'ny fiheverana fa nahavita ny anjarantsika. Kanefa moa ampy ve izany? Azontsika vidina ve ny famonjena na ny aintsika? Mazava ho azy fa tsia no valiny! Ampahatsiahivin'i Paoly antsika fa zavatra tsara lavitra no andrasan'Andriamanitra amintsika. Izao no ambarany amintsika: "Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrarareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany" (Romana 12:1). Toy izao no lazain'i Ellen G. White momba izany: "Ireo izay tia Azy amin'ny fony rehetra dia haniry hanolotra ho Azy ny heriny mendrika indrindra ary izany dia ataony amin'ny fiezahany hampifanaraka ny fahaizany rehetra amin'ny lalan'Andriamanitra" (Patriarches et Prophètes p. 325).

Toy izany no nataaon'ireo mpamaky lay tato amin'ny fiangonantsika. Nanompo ny Tompo tamin'ny toe-tsain'ny fahafoizan-tena izy sady nampiely ny Filazantsara na taiza na taiza ary na oviana na oviana nahafahany nanao izany. Nanao toy izany koa ireo razantsika ara-panahy. Ankehitriny dia anjarantsika ny manara-dia azy ireo. Kanefa tsy ho vitantsika izany raha tsy tia an'Andriamanitra isika. Valio ary ireto fanontaniana manaraka ireto: Tia an'Andriamanitra ve

ianao? Fomba ahoana no nanehoanao ny fitiavanao ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra novonoina? Atolory Azy ny fonao! Atolory Azy izay rehetra ao aminao! Tsarovy fa ny fanatitra tsara indrindra no irin'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra, dia ny fiainanao!

**NY FANAMBARANA ILAY ZANAK'ONDRIN'ANDRIAMANITRA**

Rehefa niandry ny fiaviany nandritra ny 4000 taona izao tontolo izao, dia teraka tany Jodia ny Mesia mba hanatanteraka ny teny fikasan'ny Baiboly (Daniela 9:26, 27; Mika 5:1). Ny fiainany tonga lafatra sy ny asa fanompoana nataony tsy nety sasatra ho an'ireo marary sy ireo sahirana dia nampiseho miharihary ny toetrany sy ny tanjona tiany hotratrarina. Kanefa lafiny iray tamin'ny fiainany teto an-tany ihany izany. Efa betsaka ny olona be fiantrana teto amin'izao tontolo izao, izay tia ny hafa sy vonona hanao izay rehetra azony atao hanampiany azy ireny. Fa mbola midadasika lavitra sy lalina kokoa noho izany ny iraka nampanaovina an'i Kristy. Tsy olompirenena tsara fanahy fotsiny Izy. Fa nentiny teo Aminy ny fahotan'izao tontolo izao, anisan'izany ny fahotako sy ny anao. Nohomboina teo amin'ny hazo fijaliana Izy, tsy noho ny asa ratsy vitany, fa hitondra teo amin'ny tenany ny aretina rehetra nahazo izao tontolo izao. Tonga tena ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra marina tokoa natao fanatitra Izy, nanondro ireo fanatitra hafa rehetra. Tao aminy dia tonga tena zava-misy ilay teny fikasana.

Nanatanteraka izay rehetra notakian'ny lalana tao amin'ny toe-tsain'ny fileferana sy fanoavana Jesosy. Nitondra famelan-keloka ho an'ny olombelona rehetra ny fahafatesany teo Kalvary sady nampiseho ny toetra tsy manam-piovana ananan'ny lalàna. Tsy azon'Andriamanitra novana ny lalàna, sady tsy nanao izany Izy; satria efa lalim-paka tao amin'ny fanorenan'ny fanjakany mihitsy izany. Nefa araka ny anehoan'i Ellen G. White azy, dia "nanolotra ny tenany ho fanatitra mihitsy Andriamanitra tao amin'ny tenan'i Kristy, mba ho fanavotana ny olombelona" (Jésus Christ "Ilay Fitiavana Mandresy" p. 766-767). Koa satria iray ihany Andriamanitra sy Kristy, dia nanolotra ny tenany an-tsitrapo ho fanatitra toy ny zanakondry tsy manantsiny Jesosy, mba hitondra ny fanamelohan'ny ota antsika sy hanambara amin'ny rehetra fa fitiavana Andriamanitra toy izay anambaran'ilay andininy ao amin'ny Baiboly ankafizin'ny rehetra izay manao hoe: "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny zananilahy tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay" (Jaona 3:16).

Nandritra ny taon-jato nifandimby, dia nitondra fanantenana sy tanjaka ho an'ny lehilahy sy vehivavy an-tapitrisany teto amin'izao tontolo izao io andininy tsotra nefa mahery vaika io. Manova zavatra ao amin'ny fiainana ny finoana. Tsy midonanam-poana izy io fa miasa. Io finoana an'Andriamanitra fitiavana naseho tao amin'i Jesosy Kristy io no nanosika an'i William Miller hitory fa akaiky ny fiverenan'ny Mpamonjy. Io finoana io ihany koa no nahavita zavatra tsy mety ho vitan'ny herin'olombelona tao amin'ny fiainana sy ny asam-paminanian'i Ellen G. White. Olombelona marefo tsy nanana afa-tsy fari-pahaizana ambany. Tsy tonga mpitoriteny mahery vaika fotsiny izy, na mpiaro mahery vaika ny fandaminana ny fiangonana, na mpanolo-tsaina ankafizin'ny maro sy mpiaro tsy misy toa azy ny fahasalamana, ny fanabeazana sy ny fampielezam-boky, fa vehivavy mpanoratra boky voadika betsaka indrindra koa ao amin'ny

tantaran'ny fampielezam-boky, satria nanoratra hevitra mihoatra ny 5000 tao amin'ny gazety mpiseho isam-bolana sy boky 40.

Raha azon'Andriamanitra nampiasaina izy, nahoana no tsy ho azony ampiasaina koa ianao? Raha nanokatra ny vavan'i Ellen G. White koa Izy na dia tsy nahay niteny teo imasom-bahoaka aza izy satria saron-kenatra, mba hitory teny amin'ny olona an'arivony, dia azony atao koa ny hahatonga anao hahahay miresaka ny Aminy. Raha azon'Andriamanitra nampiasaina ny tanany malemy sady tsy nahay afatsy zavatra kely foana mba hanoratra pejy mihoatra ny dimy alina, mirakitra hafatra ho an'ny fiangonany, dia azony atao koa ny hampiasa anao ho tonga fitahiana ho an'ny hafa. Ny fitiavan'i Ellen G. White ilay Mpamonjy ny tenany manokana, izay efa tia azy taloha, sy ny fanolorana ny tenany feno ho azy sy ho an'ny asany no nanova ny fiainany sy ny asa fanompoana nataony. Fantany tamin'ny fomba manokana ilay Zanakondrin'Andriamanitra natolotra ho fanatitra. Azonao atao koa ny mahafantatra Azy amin'ny fomba manokana.

Efa napetrakao manontolo ao amin'i Jesosy Kristy Tompo ve ny finoanao? Efa tia Azy amin'ny fonao rehetra, amin'ny sainao rehetra ary amin'ny fanahinao rehetra ve ianao? Efa nosaintsaininao ve io fitiavana io eo amin'ireo manodidina anao? Tao amin'i Jesosy Kristy no nanehoan'Andriamanitra tamintsika izany fitiavana izany. Mpamaky lay Advantista marobe koa no nandefa taratra izany fitiavana. Azonao atao koa ny manao toy izany amin'ny fitodihanao eo amin'ilay Zanakondrin'Andriamanitra izay nanambara tamintsika ny toetran'Andriamanitra dia ny fitiavana izany.

**MIASA HO ANTSIKA ILAY ZANAKONDRIN'ANDRIAMANITRA**

Taorian'ny nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty sy ny ny niakarany ho any an-danitra, dia niandry fatratra ny fiverenany ny mpianany nandritra ny taon-jato maro, satria nampanantena Izy fa ho avy indray (Jaona 14:1-3). Io teny fikasana azo antoka io no namelona ny finoan'ireo maritiora an-tapitrisany: ireo kristiana tamin'ny taon-jato voalohany, ireo Vaudois, Jean Hus, ireo mpanitsy fivavahana toa an-dry Jhon Wycliff sy Martin Luther, ary ireo maro hafa koa. Io teny fikasana io dia nampirongatra ilay fihetseham-pifohazana kristiana lehibe teo amin'ny fiandohan'ny taon-jato faha 19 sy nanosika an'i William Miller sy ireo mpanara-dia azy hitory ilay fanantenana mahafinaritra ny amin'ny fahatomoran'ny fihavian'i Kristy. Taorian'ny nanokanan'i William Miller ny fiainany handinika ny Baiboly, dia ny fehin-teny fa hiverina indray manodidina ny taona 1843 i Kristy no namaranany izany fandinihany ny baiboly izany. Nisy olona maro hafa taty aorian'izany nanondro daty mazava kokoa mba hampifanaraka izany amin'ny fotoanan'ny andro fanavotana notandreman'ny Jiosy. Marina tokoa fa mikasika ny fanadiovana ny fitoerana masina ny faminaniana ny amin'ny 2300 andro na taona voalaza ao amin'ny Daniela 8:14. Ary izany no nahatonga an'i William Miller sy ireo olona marobe nanaraka ny hafatra notoriany, isan'izany i Joseph Bates, James White sy Ellen Harmon, (izay lasa Ramatoa White noho izy nanambady an'i James White), hanantena marina tokoa fa ho avy indray Kristy ka ny 22 Oktobra 1844 no daty marina hiverenany, andro noferan'ireo Millerita taorian'ny nandinihany ireo faminaniana ara-baiboly. Kanefa tsy niverina tamin'io andro io Kristy! Fanandramana nahafinaritra teo am-boalohany kanefa lasa nangidy no tsy maintsy nandalovan'ireo mpino ireo, dia araka izay voalaza

mialoha ao amin’ny Apokalipsy 10: 8-10. Ny fanandramana nahafinaritra dia ny nandinihany tamim-pitandremana fatratra ny baiboly, ny fanantenana nivelomany, ny fanandramana mangidy kosa, dia ilay fahadisoam-panantenana lehibe rehefa tsy niverina Kristy izay nantenainy fatratra tokoa.

Ankehitriny dia azontsika apetraka ny fanontaniana toy ny hoe: “inona moa no ifandraisan’izany amintsika na amiko mihitsy aza?” sy ny hoe “Ahoana no ahafahana mampikambana ilay fahadisoam-panantenan’ireo mpanara-dia an’i Miller amin’ny hafatra mahafinaritra ny amin’ilay Zanakondrin’Andriamanitra?” Fanontaniana tsara tokoa ireo. Manana fifandraisana ety amin’ny toerana misy antsika sy amin’ny finoana kristiana ivelomantsika ankehitriny ny valin’izany. Hasehontsika ambangovangony ny valin’ireo fanontaniana ireo ka ho zaraintsika roa ny famaliana azy.

Voalohany indrindra dia tokony ho tsaroantsika fa taorian’ny niakaran’i Jesosy tany an-danitra dia tonga “Mpisoronabe Izy” na “Mpanao fisoronana ambony indrindra” amin’ilay fanekena vaovao (Hebreo 4:14-16); manalalana ny vahoakany Izy sady miasa ho fanasoavany ny Fiangonany amin’ny alalan’ny Fanahy Masina ao amin’ny Fitoerana Masin’Andriamanitra izay any an-danitra. Soritan’ny apostoly Paoly fa Jesosy no “hany Mpanalalana amin’Andriamanitra sy ny olombelona” (1Tim 2:5). Raha lazaina amin’ny fomba hafa dia Izy no manolotra ho eo an-tanan’ny Ray ny fiderana, ny vavaka ary ny fiaiken-keloka ataon’ny vahoakan’Andriamanitra. Mifanaraka tsara ny amin’izany ny ankamaroan’ny Kristiana.

Na izany aza dia tsy tokony ho hadinointsika fa nizara ho efitra roa ny tabernakelin’ny fitoerana masina teto an-tany: ny efitra masina sy ny efitra masina indrindra. Rehefa niakatra ho any an-danitra Kristy dia niditra tao amin’ilay efitra voalohany na efitra masina Izy. Fa tsy niditra tao amin’ilay efitra masina indrindra Izy raha tsy efa tamin’ny 1844. Tsy hoe lasa Mpanalalana antsika isan’andro fotsiny Ilay Zanakondrin’Andriamanitra fa lasa Mpisoronabentsika koa na Mpisorona ambony indrindra Izy.

Ny fehin-teny namaranan’i William Miller sy ny mpino hafa ny amin’ny fiavian’i Jesosy fanindroany dia niorina tamin’izay voalaza ao amin’ny Daniela 8:14 “Ary hoy izy tamiko: Taon-jato sy roa arivo andro; ary nony afaka izany, dia amin'izay vao hodiovina ny fitoerana masina.” Marina ny fanisana nataony mikasika ny fifaranan’io faminaniana io satria mpandinika azo nitokisana ny baiboly sy ny tantara izy ireo. Nanantena ny fiverenan’i Kristy ara-bakiteny teo amin’ny fifaranan’io fotoana ara-paminaniana io ireo mpanara-dia an’i Miller; kanjo tsy niverina teto an-tany Kristy fa nanomboka kosa ny asam-pitsarana na asam-panadiovana tao amin’ilay efitra faharoan’ny tabernakely any an-danitra; io asa io dia naseho mialoha tamin’ny alalan’ny asa nataon’ny mpisoronabe na ny mpisorona ambony indrindra teo amin’ny Isiraely fahizay rehefa tonga ny andro fanavotana. Marina ny adimarika nataon’ireo Millerita advantista mikasika ny zavatra hiseho araka ny fotoana hisehoany; fa ny nahadiso azy ireo kosa dia mikasika ilay zavatra tokony hiseho. Tsy ity tany ity akory no fitoerana masina voalaza ao amin’ny bokin’i Daniela na fitoerana masina teto an-tany sady tsy ny tempolin’ny Isiraelita fa ilay fitoerana masina any an-danitra. Voalaza mazava tsara ao amin’ny epistily ho an’ny Hebreo izany manao

hoe: “Fa Kristy tsy mba niditra tao amin'izay fitoerana masina nataon-tanana, izay tandindon'ny tena fitoerana masina, fa ho any an-danitra tokoa, mba hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ankehitriny ho antsika;” (Hebreo 9:24).

Taorian’ilay tapany maizina indrindra tamin’ny alina dia niposaka ny fahazavan’ny maraina. Marina izany na teo amin’ny lafiny ara-materialy na teo amin’ny lafiny ara-panahy. Ny ampitson’ilay fahadisoam-panantenana lehibe dia nampian’Andriamanitra i Hiram Edson, anankiray tamin’ireo nanantena ny fiverenan’i Jesosy hahita fanazavana ny faminaniana ka nanamaina ny ranomason’ny tarika Millerita anankiray ary dia vao mainka mafy orina kokoa ny finoan’izy ireo vokatr’izany. Teny an-dalana hankany amin’ny olona hafa mba hampahery azy ireo i Hiram Edson tamin’izay fotoana izay, niato tampoka tamin’ny diany anefa izy teo am-pamakivakiana saha ngezabe anankiray. Araka ny fitantarana nataony taty aoriana dia toa nisokatra ny fahitany ny lanitra; ka hitany miharihary sy mazava tsara fa tsy nivoaka avy tao amin’ny efitra masina indrindran’ny fitoerana masina any an-danitra akory Kristy mba hiverina teto amin’ity tanintsika ity teo amin’ny faran’ilay fotoana ara-paminaniana 2300 andro (2300 na taona) tamin’ny 22 Oktobra 1844 fa teo amin’io andro io no nidirany voalohany indrindra tao amin’ilay efitra faharoan’ny fitoerana masina any an-danitra, satria nanana asa hotanterahina tao amin’ilay efitra masina indrindra Izy alohan’ny iverenany eto an-tany.

Nampahery an’io tarika kely advantista io izany fanandramana manokana izany ka notohizany indray ny fandinihany ny baiboly sy ny vavaka ary dia nahazo hery tamin’izany izy tamin’ny dia ara-panahy nataony. Koa satria mazava tsara taminy izao ny amin’ny asa tontosain’ilay Zanakondrin’Andriamanitra, dia azony tsara ny antony nahatonga ilay fahadisoam-panantenana, sady notehiriziny ny finoany teo aloha ny faminaniany hafa sy ny foto-pinoana . Tsapany fa tsy hoe tsy nitana ny teny fikasana nataony Andriamanitra ka nahatonga azy ireo ho diso fanantenana fa satria tsy nazava taminy ny sary an’ohatra mampiseho ilay asa tena izy tao amin’ny fitoerana masina tany an-danitra (naseho mialoha an’ohatra tao amin’ny Testameta Taloha). Ny fahamarinana ara-baiboly momba ny fitoerana masina, anisan’izany ny asa ataon’i Jesosy amin’ny maha Mpisoronabe na Mpisorona Avo Indrindra Azy ao amin’ilay efitra masina indrindran’ny fitoerana masina any an-danitra dia tsy hoe nandefa tara-pahazavana fotsiny ihany teo amin’ny lalan’ireo mpialoha lalana antsika fa nanjary anankiray koa amin’ireo andry fototry ny finoan’ny advantista mitandrina ny andro fahafito; io no mampiavaka antsika amin’ireo finoana hafa, ary fahamarinana soritan’i Ellen G. White lavabe tokoa ao amin’ireo toko sasantsasany ao amin’ilay boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe “Hery Mifanandrina”.

Notoherin’ny Satana fatratra io andrin’ny finoana io, ary marina ny azy raha mamely mafy izany izy ankehitriny satria ny tena vontoantin’io andrin’ny finoana io dia ny hatsaran’ilay Zanakondrin’Andriamanitra izay voavono sady velona ankehitriny. Amin’ny alalan’ny asa ataony ao amin’ny fitoerana masina any an-danitra dia manaisotra ny fahotantsika io Zanakondry io sady manafy antsika amin’ny fahamarinany. Atao mba hahazoan’izay fanahy rehetra mibebaka tombontsoa avy amin’ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin’ny maty ary ny fiainany tonga lafatra io asa tontosaina ao amin’ny fitoerana masina any an-danitra io.

Diso fanantenana ireo Millerita tamin'ny tsy nahitany ny fisehoan'i Jesosy teo amin'ny fotoana nanantenany Azy; kanefa nasehon'Andriamanitra fotoana fohy taorian'io ny fahamarinana momba izany. Tsy mampaninona izay mandiso fanantenana anao eo amin'ny dia ara-panahy ataonao: na amin'ny tsy finoan'ny tenanao na ny tsy finoanao manokana, na ny fanakianana tsy an-drariny ataon'ny ankohonanao sy ny namanao, na ny aretina, na fahaverezam-bola, na fahaverezan'ny asanao, na inona na inona izany. Tsarovy fa ianao miezaka hatoky tsy tapaka an'Andriamanitra sy miandry Azy foana hiseho aminao no zavatra tena azo antoka indrindra. Tohizo ny famakiana ny Baiboly sy ny fivavahana! Tsy nanao fahadisoana na kely akory aza i Jesosy Kristy ary homeny voninahitra ny fatokianao Azy satria "izay maharitra hatramin'ny farany no ho vonjena" (Matio 10:22). Mino izany ve ianao? Inona no fiovana nentin'i Jesosy teo amin'ny fiainanao? Tsarovy fa mbola ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra ilay Zanakondrin'Andriamanitra mba hampisy heviny sy hatsarana ny fiainanao sy mba hiara-dalana aminao mandra-pahatonganao any amin'ny fanjakana.

## HO AVY INDRAY ILAY ZANAKONDRIN'ANDRIAMANITRA

Tsy ho feno ny drafi-panavotana namboarin'Andriamanitra talohan'ny namoronany ity izao tontolo izao misy antsika ity, raha toa ka afa-po fotsiny Izy miresaka amintsika ny amin'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra izay maty ho antsika sy manalalana antsika. Mahatalanjona ireo fahamarinana roa ireo kanefa samy tsy miresaka na inona na inona amintsika momba ny fifaranan'ny olana mahatsiravin'ny fahotana.Tokony ho velom-pankasitrahana ary isika noho ny firesahan'ny Baiboly amintsika ny tohin'ny tantara. Ambarany amintsika fa ho avy indray ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra kanefa amin'ity indray mandeha ity dia tsy ho avy amin'ny maha ilay Zanakondrin'ny fanatitra atolotra noho ny otan'izao tontolo izao Izy. Hiverina Izy, mitondra ny "fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita" (Apokalipsy 1:18). Raha lazaina amin'ny fiteny hafa, dia ho avy indray Izy hanapaka tanteraka ny fandringanana nampitondran'ny fahotana faisana ny tanintsika, ho avy Izy hamarana ny aretina sy ny fahafatesana, "fa ity mety lo ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahalovana, ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesana" (1Korintiana 15:53)

Be loatra ny olona voan'ny aretim-po, ny cancer, ny SIDA, ny ebola sy ireo aretina maro hafa koa eto amin'ity izao tontolo izao misy antsika ity! Be loatra ny olona maty isan'andro noho ny ady, ny fampihorohoroana, ny loza aman'atambo mihatra, ny lozam-pifamoivozana ary noho ireo antony maro hafa koa.Toe-javatra iray miseho fotsiny dia mety ho efa tafahoatra ny tokony ho izy! Kanefa na izany aza, ary na aiza na aiza dia mijaly ny olona. Angamba mety ho anisan'izy ireo ianao! Nefa hoy Jesosy "ary raha vao miandoha izany zavatra izany, dia miandrandrà, ka asandrato ny lohanareo, fa manakaiky ny fanavotana anareo" (Lioka 21:28). Aza mety ho kivy! Aoka hatanjaka isan'andro vaky ny finoanao an'Andriamanitra satria ho avy indray Kristy!

Ny finoana an'ilay Zanakondrin'Andriamanitra, izay ho avy indray handray ny olony ho any amin'izay itoerany, no nanohana ireo mpino nandritra ny taonjato maro nifandimby sy nanome azy ireo hery haharitra hatramin'ny farany. Ireo mpamaky lay advantista sy ireo mpialoha lalana azy dia maty tao amin'ny finoana mba hahatonga ny fahamarinan'ny filazantsara hipaka hatraty

amintsika. Ohatra amin'izany i Charles Fitch dia anisan'ireo mpitory teny Millerita nankafizin'ny maro sy faran'izay nahita fahombiazana be tokoa. Izy, tamin'ny 1843 no namboatra ilay tabilaom-paminaniana Fanta-daza izay matetika nampiasain'ny mpitoriteny hafa tamin'ny fitoriana fa akaiky ny fiverenan'i Kristy. Charles Fitch, evanjelistra nanam-pahasahiana sy nafana fo, dia tsy nisalasala na dia hiroboka ao anaty ranon-gilasy aza mba hanao batisa ireo olona vao niova fo teo amin'ny fiandohan'ny volana Oktobra, fotoanan'ny rivotra mangatsiaka mitsoka avy any avaratra, ka mahangoly anao hatrany amin'ny ati-taolana. Antokon'olona maromaro no nifandimby nanatona azy mba hatao batisa. Ny nibahana tao an-tsainy dia ahatonga ny tsirairay tamin'ireo olona ireo hiditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Taminy, dia ho avy afaka andro vistivitsy Kristy.Tsy nisy noho izany fotoana tokony ho verivery foana. Tsy nahagaga raha tratran'ny "pnemonia" io mpitoriteny advantista nahatoky io taorian'izany fanandramana izany ka maty na dia efa tsy ampy roa herinandro aza sisa dia higadona ilay fotoana nanantenana ny fiverenan'i Kristy tamin'ny voninahiny rehetra. Nodimandry tao amin'ny finoana izy, natoky fa hanangana azy tsy ho ela ilay mpamonjiny. Izany no atao hoe finoana velona! Na dia tsy tokony hitady aretina na fahasahiranana aza isika, dia tokony hino amin-kery ny fahamarinana ara-baiboly sy hitory izany amin'ny hafa! Hilaza amin'izy ireo fa ilay nandoa ny onitry ny fahotantsika dia niasa ho antsika ao amin'ilay efitra masina indrindra sy ho avy indray haka ireo navotany. Izany no karazam-pinoana tian'Andriamanitra ho hita ao amiko sy ao aminao.

Toy izao no anoritan'i Ellen G. White ny fiverenan'i Jesosy am-boninahitra: "rehefa ho avy Kristy amin'ny voninahiny, sy amin'ny voninahitry ny Rainy, ary amin'ny voninahitry ny anjeliny masina, … dia hahita Azy ny maso rehetra, na dia ireo nandefona Azy aza. Tsy satro-tsilo intsony no ho eny an-dohany fa satro-boninahitra. Ilay akanjo miloko jaky efa tonta dia hosoloana fitafiana fotsy indrindra, ka tsy misy mpamotsy lamba ambonin'ny tany mahafotsy toy izany (Marka 9:3). Ary manana anarana voasoratra amin'ny lanivoany sy ny feny Izy, nanao hoe: Mpanjakan'ny Mpanjaka sy tompon'ny Tompo" (Apokalipsy 19:16) (Ilay fitiavana Mandresy p. 744).

Miaina amin'io hafatra io ve ianao? Efa mivelona ao amin'ny fanantenana feno ve ianao fa antomotra ny fiverenan'i Kristy? Raha miandry ny fahatongavan'ny Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo ka misaina na tsy misaina ny amin'izany izao tontolo rehetra izao, ianao kosa miomàna ka ataovy izany dia eny izao ankehitriny izao!

**FAMARANANA**

Nodinihintsika ny dian'ilay Zanakondrin'Andriamanitra sy ny asa ataony ho an'ny olon'Andriamanitra mandritra ny taona mifandimby. Nomarihintsika tamin'ny fomba manokana ny asa ataony eo amin'ny andro fanavotana ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra, amin'ny maha Mpisoronabe na Mpisoron'ny Avo Indrindra Azy, asa izay nanomboka tamin'ny faha 22 Oktobra 1844. Asehon'io hafatra io amintsika Kristy ao amin'ny fahatsarany rehetra ary fanantenana sy fampaherrezana no entiny ho antsika amin'ny dia ataontsika isan'andro. Mitarika antsika ho any amin'ny ho avy azo antoka ny Tompo sady mamela antsika hahita ny hafa sy ny tenantsika amin'ny alalan'ny masom-pitiavana mandrakizain'Andriamanitra, satria:

- Ilay Zanakondrin'Andriamanitra dia maniry ny fanatitra tsara indrindra, dia ny fiainantsika izany.
- Ilay Zanakondrin'Andriamanitra dia maneho ny toetran'Andriamanitra dia ny fitiavana izany.
- Ilay Zanakondrin'Andriamanitra dia mbola ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra mba hanatsara ny fiainantsika.
- Ilay Zanakondrin'Andriamanitra dia ho avy indray amin'ny maha Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo Azy.

Homem-boninahitra anie ny anarany ankehitriny ao amin'ny fiangonana sy ao amin'ny fiainanao manokana, mba hahafahantsika rehetra hiray feo amin'ny antokom-pihiran'ny lanitra hiredona manao hoe: "ny Zanakondry, izay novonoina, dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra" (Apokalipsy 5:12).

*Dikan-teny malalaka no nampiasaina teto nandikana ireo andalan-teny notsongaina tao amin'ny boky Fanahin'ny Faminaniana*